FITANTANANA NY VALANARETINA

Tsy voafehy matoa resaka fasana no maha maika

Azo lazaina fa nisongadina tamin'ny tafa nataon'ny filoha Andry Rajoelina tamin'ny vahoaka Malagasy ny alahady teo, fa resaka fasana aloha no noresahany sy ny naha maika azy fa tsy vaksiny. Ny dikany, tsy voafehy ny fitantanana ny valanaretina covid-19 eto amintsika matoa resaka fasana indray no lasa voaresaka mialoha, fa tsy ny fisorohana sy ny fiarovana mahakasika ny hahatongavan'ny vaksiny haingana eto amintsika.

Tsindrindaona ny vahoaka malagasy niandry izay nolazain'Ingahy Filoha tamin'ny alahady 18 Aprily 2021 teo, izay marihina fa tokony ho ny Sabotsy 17 Aprily 2021 no natao ny fanambarana, satria io Sabotsy io no feno tapabolana ny nandraisany fitenenana farany. Tsetsatsetsa tsy aritra ihany iny, fa ny nandrasan'ny vahoaka fatratra dia ny mikasika ny vaksiny, fa toa mangatakandro lava ny fitondrana.

Raha tsiahivina dia efa tamin'ny 07 Desambra 2020 ny fepotoana farany fangatahana ny vaksiny tamin'ilay antsoina hoe « initiative covax » ho an'ny firenena madinika, nahavita izany avokoa ireo tany Afrikana maro, f 'isika malagasy no nitavozavoza sady niavonavona nanao tsinontsinona ny tolotanana avy amin'ny « Oms », na ny Fikambanaan'ny Firenena Mikambana misahana ny fahasalamana.

Ny 17 Martsa 2021 tao anatin'ny fandaharana "Miaramanonja " dia nanitrikitrika ny Filoha Ravalomanana, fa tsy maintsy hiova hevitra ny fitondrana ary hiroso amin'ny fanafarana vaksiny.

Raha nitafatafa tao amin'ny haino amanjery Ingahy Filoha ny Sabotsy 20 Marsa 2021 dia mbola niedinedina nanambara, fa tsy ilaina ny vaksiny, ary raha tonga hoy izy ny vaksiny dia ireo mpanohitra no hatao voalohany, izay marihina fa niendrika esonteny izany. Tapabolana taorian'io ny, Sabotsy 03 Aprily 2021 dia niova hevitra araka ny efa nambaran'ny Filoha Ravalomanana Ingahy Rajoelina, fa hanafatra vaksiny indray hono, ka ny miaramila sy ireo mpiasan'ny fahasalamana indray no hatao vaksiny voalohany.

Velombolo ny vahoaka malagasy satria hisy ihany ny tsirim-panantenana, ary efa nisy mihitsy aza ny feo nivoaka avy tamin'ny mpitondra, f'efa hita ny karazambaksiny roa hafarana, ary efa mikarakara ny antontantaratasy momba izany ny ministera miadidy ny fahasalamana. Akory anefa ny fahatairana raha nandre ny fanazavana avy amin'Ingahy Filoha, fa mbola amin'ity herinandro ity indray vao handinika sy handray ny fanapahan-kevitra farany ny Akademian'ireo Mpitsabo, ny dikan'izany dia mbola aorian'izay vao tena hiroso tanteraka amin'ny ambaratonga samihafa fanafarana ilay vaksiny isika malagasy. Araka ny re ny faran'ny herinandro teo nambaran'ny ao amin'ny ministeran'ny fahasalamana anefa dia any amin'ny tapaky ny volana jolay any vao ho tonga eto amintsika ny vaksinin'ny covid-19.

Ankoatra izany, nanaitra ny nanambaran'Ingahy Filoha Rajoelina fa efa vonona ny toerana roa hanaovana ny fasana ho an'ireo lavon'ny koronaviriosy, ho an'ny eto Antananarivo Renivohitra sy ny manodidina, midika ve izany fa na ny mpitondra aza dia tsy mahatoky ny vokatry ny fitantanana ny fitsaboana ny aretina, ary efa miomana ihany koa fa tsy hivaly vetivety ny fangataham-baksiny.

Tsy azo sangiana ny fasana eo amintsika malagasy, misy ny fomba amam-panao izay tsy azo tsinontsinoavina momba ny fanorenam-pasana, tsy finoanoampoana akory ireny, fa soatoavina nahitana traikefa, amin'ny fahendrena, ny fomba fanao raha mahavita fasana ny fianakaviana iray dia tsy maintsy asiana vatan'akondro aloha ao anatiny ary razana maina no ampidirina ao vao azo andevenana, f'ity ataon'ny fitondrana toa fasana tonga dia miandry mahazo, satria na ny mpanorina azy aza tsy mahatoky ny fandraisany andraikitra amin'ny fiatrehana ny koronaviriosy, sady toa efa mahalala fa tsy ho tonga vetivety ilay vaksiny, ny fanampiana ara-tsakafo rahateo moa efa tsy misy tokontaniny intsony, k'izay tsy lavon'ny aretina azeran'ny hanoanana. Tsy tonga tao an-tsain-dRajoelina sy ny forongony ve fa ratsy amintsika Malagasy izany resapasana izany, indrindra ny fasana vaovao: "alaviro toy ny fasam-bao", hoy ny fomba fiteny iray izay!

Ny Valosoa

Mpivarotra sy mpanasa lamba

Hitabataba tsy hangina fa mafy loatra ny adim-piainana

Araka ny fanadihadiana nataona fahitalavitra tsy mainkina iray, teny Ambohimanarina Boriboritany faha-6, tamina mpivarotra sy mpanasa lamba teny an-toerana, naneho ny fitarainany izy ireo, fa tsy zaka intsony ny adim-piainana amin'izao fotoana. "Zahay hitabataba, hikapoka vilany, tsy hangina intsony fa tena mafy loatra ny fiainana, tsy izao zava-misy izao no nampanantenaina anay. Sakafo tsizarizary no haninay. Ny hariva ihany izahay no misakafo isanandro. Tsy zakanay intsony izao, ny vidim-bary efa tsy zakanay intsony. Hisintona lakilosy izahay, aiza ny mpitondra fanjakana, tsy izaho no nampanantenaina. Aza minia manampin-tsofina", hoy ny fitarainan'ireo mpivarotra sy mpanasa lamba teny antoerana. Tsy mahavaha ny olana amin'ny ankapobeny misy eto amin'ny firenena ny fitondrana Rajoelina, ka tsy ho taitra intsony isika ato ho ato raha handeha isan'ambaratongany izao zavatra fanairana fampanenoana lakolosy izao, fa tena tsy zaka intsony tokoa ny olam-piainana maro samy hafa. Hanaitra ireo mpitondra ireo olona sahirana ireo, satria araka ny voalazany, efa tsy zaka intsony ny fiainana: zara raha mahita hohanina isan'andro, satria dia zara raha misy ny karama, kanefa dia miha-lafo isan' andro ny fiainana. Mikasa ny hitabataba sy hively vilany izy ireo hanehoany izany fahasahiranana lalina izany.Aza manam-pitsofina hoy izy ireo ianareo mpitondra fanjakana, fa ny feon'ny ny vahoaka no feon' Andriamanitra. Ny vahoaka tokoa no tompon'ny fahefana, fa ny mpitondra dia mpindrana io fahefana avy amin'ny vahoaka io ihany izy ireo.

Ireo mpivarotra sy mpanasa lamba sasany teny Ambohimanarina.

Stefa

Fitsaboana ny coronavirus

Tsy maharaka ny fanafody zarain'ny fitondrana

Mitaraina ireo olona voan'ny aretina coronavirus, fa tsy misy ny fanafody eny amin'ny tobim-pahasalamana izay nampanantenan'ny fitondràna TGV, fa hoe misy ny fanafody omena maimaimpoana ny marary hiadiana amin'ny valanaretina covid-19. Nisy ny fanambaràna an-gazety sy teny amin'ny tambazotran-tserasera fa misy mivarotra lafo ireny fanafody tokony ho zaraina fotsiny eny amin'ny toeram-pitsaboana ireny. Mety ho marina izany filazàna izany, fa ny zavatra hita dia lasa fialàna pà araka ny fitenin'ny tanora indray ny filazàna izany, satria hita sy tsapa fa tsy maharaka ireo fanafody zaraina ireo. Amin'ny faritra sasany toy ny any Antsiranana aza araka ny vaovao voaray dia vidiana izany fanafody izany, tsy marina ny filazana fa maimaimpoana. Zara aza misy azo ialàna fa tsy tompon'andraikitra ny fanjakàna, amin'ny tsy fahampian'ny fanafody ankehitriny. Ny zavatra hita anefa dia tsy ahitàna ireo fanafody ireo ihany koa eny amin'ny farmasia izay vidiana vola be koa amin'izao fotoana izao. Ny filoha Rajoelina anefa etsy andaniny mampanantena fa ampy ny fanafody, ary omena maimaimpoana, toy izany koa ny scanner. Tsy azo ekena hoy izy ny fanararaotana amin'ny fanafody coronavirus. Raha betsaka io fanafody io Andriamatoa filoha dia tsy nifampitadiavana toy izao! ianareo mpitondra fanjakàna no tompon'andraikitra voalohany, fa aza ailika hoe lasa any amin' ny varomaizina ny fanafody. Ny fanaraha-maso ataon'ny fanjakàna no tsy misy, fa raha hentitra ny fitondrana tsy tokony ho hisy an'izany.

Helisoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina

Tsy manana vina lavitra mahomby ho fiatrehana ny valanaretina

Tsy hita izay jery lavitra ataon'izao fitondrana izao manoloana ny fiatrehana izao fihanaky ny valanaretina covid-19 andiany faharoa, izay mahery vaika sy zary mampivarahontsana ny maro izao. Miha-mitombo ny tranga vaovao, izany hoe, ireo olona voan'ny aretina eto amin'ny firenena ary mitarika amin'izany ny faritra Analamanga. Torak'izany koa ny isan'ny maty, ary mihazakazaka ny tarehimarika tsy toy ny tamin'ny taon-dasa tamin'ny volana toy izao. Raha atao kisarisary, dia indroa miantoana izao ny valanaretina mitranga, ary azo lazaina ho an-kamely havia havanana izany raha resaka ady totohondry. Mbola tsy tonga amin'ny « pic » anefa isika raha ny nolazain'ny filohan'ny Repoblika, izany hoe mbola ho avy izany ny isa ambony dia ambony, izay irariana tsy hampitanondrika ny firenena.

Tsy manambara lalan-kivoahana mazava, sy hahomby ny fitondrana hatramin'izao ialàna ny totohondry an-kisesy mamely hanapotika ny firenena. Aorian'ny "pic", inona no hotanterahina haingana, eny fa na dia ao anatin'izao krizy mafy izao aza? Ary aorian'izay aiza no lalan-kizoran'ny firenena? Tsy mahavita maneho sy milaza izany ny fitondrana izay miseho babany noho ny hafa ity. Ka inona izany no mampiavaka azy ho mahay? "Gouverner c'est prévoir", toa tsy eo am-pelatanan'ity fitondrana ity mihitsy izany raha ny zavatra hita hatramin'izay nitondrany efa ho roa taona mahery izay. Tsy afaka hilaza velively ny ho zavatra ataony, sy ho vitany hahasoa ny vahoaka sy ny firenena izao fitondrana izao, mandrapahatapitry ny fe-potoam-piasany. Mampieritreritra, nefa miseho mahay ary manaratsy ny hafa ho "dondrona". Ny olana ihany koa dia tsy hisy hatoky intsony azy, satria efa be loatra izay fampanantenana izay kanefa iaraha-mahita ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Ohatra iray lehibe amin'izany, nokianina mafy ny fitondrana Rajaonarimampianina, fa nanome toky ny amin'ny hoe ao anaty telovolana dia ho foana ny delestazy. Izao fitondrana Rajoelina izao, niseho hahavita mihoatra noho izy, kanefa roa taona sy telovolana izao, mbola misy ihany ny delestazy, izay miverimberina matetika, ary voalaza aza fa namono olona mihitsy noho ny fahasemporan'ireo marary satria tapaka ny jiro dia tsy nandeha koa ny fitaovana mpamokatra entona oksizena. F'angaha nisy izany tranga ratsy izany tany aloha?

Sarotra inoana ny hahatrarana ny taham-pitomboana ara-toekarena nofaritana hotratrarina amin'ity taona ity, manolaona ny efa hita tamin'ny taona 2019, sy ny zava-misy ankehitriny. Ny drafitra nambara hiarenana ara-toekarena toa hevitr'olona tsy mipàka amin'ny tany ny tongony tany am-pamolavolana sy am-pitenenana azy. Maizin-kitroka ny ho avy ho an'ny vahoaka Malagasy, ary mampanahy lalina. Tsy misy sahy afaka hiteny hatreto n'iza n'iza, raha izao fomba fiasan'ny fitondrana izao no tsy ovainy, ny amin'ny hahatafavoahan'ny firenena ao anatin'izao fahantrana lalina misy azy izao. Aoka tsy hanonofy sy tsy hampanofinofisina ny vahoaka.

Sôh'son

Anisan'ireo fanafody hoentina mitsabo ny valanaretina coronavirus.